# ALAROBIA LAVENONA - TAONA -B- 2024



***Ny Rainao izay mahita ny miafina no hamaly soa anao.***

Ry Kristianina havana, amin'izao Alarobia fanosorana lavenona izao no idirantsika amin'ny vanim-potoanan'ny Karemy. Efa fantantsika mianakavy fa mandritra ny 40 andro ny karemy izay fotoana atolotry ny Eglizy hiomanantsika amin'ny fankalazana ny misterin'ny Paka, Paka izay midika fandalovana (passage) ary ankalazantsika an'i Jesoa nandresy ny fahafatesana, maty izy kanefa nitsangan-ko velona. Izy no Fihavanantsika.  Mampihavana an'izao rehetra izao.

Isika koa raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana dia hiaraka hitsangana Aminy ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Miala amin'ny fiainana izay tsy mendrika ny maha zanak'Andriamanitra isika ka miditra amin'ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra. Vokatry ny SAFIDY nentin'ny FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA (changement radical de comportement) ka mitondra antsika amin'ny NOUVEAU DEPART, FIAINGANA VAOVAO ka hahatonga antsika ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Izany no irintsika amin'izao Paka 2024 izao. Paka MITONDRA AMIN'NY KONGRESY EOKARISTIKA KEN 2024 ka araka ny teny faneva dia FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO …. MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY….. Manantena tokoa isika fa izao fiomanana amin'ny Paka izao dia fotoan-dehibe hanampy antsika hiroso amin'ny fiainam-baovao. Mila mibebaka isika... Mila manao "nouveau départ".

**Vakiteny I :** Joely 2, 12-18
**Tononkira :** Salamo 50
**Vakiteny II :** 2 Kôr. 5, 20-6, 2
**Evanjely :** Mt. 6, 1-6, 16-18

Izany indrindra ny antso avo nataon'i Joely mpaminany, mpitondra ny hafatr'Andriamanitra. Araky ny averintsika matetika ny mpaminany dia tsy hoe izay mahalala ny hoavy fotsiny fa

indrindra ireo izay mahalala ny sitrak'Andriamanitra ka manambara azy amin'ny mpiara-belona ka hahatonga ireto farany hiala amin'ny fiainana tsy mety, miala amin'ny korontana, miverina amin'ny Tompo, mihavana indray na amin'ny zava-boary na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra ka mivelona ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra. Nilaza i Joely mpaminany amin'ny vakiteny voalohany : "*Izao no lazain'ny Tompo: miverena amiko, amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fifadian-kanina sy amin-dranomaso amam-pitarainana. Ny fonareo no rovidrovito, fa aza ny fitafianareo, dia miverena amin'ny Tompo Andriamanitrareo, fa mamindra fo sy miantra Izy, malain-kitezitra sy be hatsaram-po, ary ny loza afitsony dia alahelovany*". Ny fontsika tokoa no rovitina satria avy ao no loharano sy fototra mahatonga ireny fiainana sy fitondran-tena tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra ireny. Ao am-pontsika ny manapotika ny fifandraisana ka manimba ny fihavanana. Io no ampahatsiahivin'i Papa amintsika amin'ny hafatra ny karemy : Ho mivaingana ny dian'ny Karemy raha toa ka vonona hiaina sy hanafaka ireo havantsika mbola voafatotra isika satria tsy miafina fa mbola manjaka ny fomban'I Faraona, fanjakazakana mandreraka antsika sy mahatonga antsika tsy ho taitra intsony….. Ny tany sy ny rivotra ary ny rano dia voaloto, fa ny fanahy koa dia voaloto. Eny tokoa, na dia nanomboka tamin'ny batemy aza ny fanafahana antsika, dia mbola ao anatintsika ny alahelo tsy hay hazavaina momba ny fanandevozana. Toy ny fanintonana mankany amin'ny fiarovana izay efa teo, izay manimba ny fahalalahana ary hivelomantsika azy eo anivon'ny fianakaviana, "eglizy kely". Tsara ny mampahatsiahy fa ny fianakaviana ho antsika dia tsy ny ankohonana ihany fa izay rehetra vondron'olona miombona. Irina hanao départ vaovao ny fianakaviana fa indrindra amin'izao Paka izao. Tanteraka izany raha mivelona ny karemy isika araka io hafatr'I Papa io izany hoe hivelatra tokoa amin'ny fanasoavana ny hafa. Aoka hoy izy hohararaotintsika ny vanimpotoanan'ny karemy hanampy antsika "handalinana ny finoantsika ka hahatonga antsika handray an'I Jesoa FIHAVANANA ka hahatonga antsika ho MPAMPIHAVANA. Manohy ny Papa ao amin'ny taratasy ka mampirisika antsika ho olon'ny fanantenana satria maro ny zava-misy mahakivy amin'izany fijoroana ho vavolombelon'ny finoana izany ka hoy izy : "Ny fanantenana dia toa ny rano velona mankahery eny amin'ny lalan'ny fiainana". Tsy iza io ranovelona io fa I Jesoa ilay tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy mikombona anefa ny fanantenana fa maniraka mandrakariva satria olon'ny fitiavana ihany koa isika. Ilay fitiavana mikatsaka ny mahasoa ny hafa ka faly raha mandroso sy mitombo izy. Ilay fitiavana mahafoy. Mila fahafoizana izao androntsika izao hialana amin'ny fitiavan-tena manapotika sy manilikilika. Ireo ezaka fototra telo no manampy antsika hivelona ny maha olon'ny finoana, fanantenana sy fitiavana : fifadian-kanina, vavaka ary asa fiantrana.

Tsy zavatra ety ivelany no manapotika ny fiainantsika na manimba ny fiainantsika fa ny fontsika. Raha tiantsika hihatsara ny fiainantsika aoka isika hiezaka hanatsara ny fontsika, hanenina amin'izay tsy mety rehetra ka hiezaka hiaina ny sitrak'Andriamanitra. Potehintsika ny ratsy rehetra ao am-pontsika ao mba ho fo vaovao hitoeran'Andriamanitra sy hitoeran'i

Jesoa. Izany indrindra no ezaka ataontsika amin'ny fanorenana ny EOV Eglizy olona velona izao, isika mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoerany ka hamokatra ny fiainantsika, ho feno hafaliana lavorary.

Matoa tsy mamokatra ny fiainantsika dia satria tsy itoeran'Andriamanitra ny fontsika satria efa feno zavatra maro ka tsy misy itoeran'i Jesoa intsony ary indrisy aza "encombré" amin'ny zavatra tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra ny fontsika. Amin'izao fanombohan'ny karemy izao, aoka isika handinika tsara ny fiainantsika ka hanesotra ao am-pontsika ny "encombrement" rehetra satria izany no ambaran'ny fanosorana ny lavenona. Efa potika toy ny lavenona ny fiainantsika noho ny fahotana. Tsy izany anefa no farany satria raha manaiky miara-maty amin'ny fahotana miaraka amin'i Kristy isika dia manana anjara hiaraka hitsangana Aminy ka miditra fiainam-baovao miaraka Aminy koa **: "Mibebaha, ary minoa ny Evanjely".**

Amin'ny vakiteny faharoa dia voalaza fa izao no fotoana tsara, izao no andro sarobidy, ary izao no andro hihavanantsika amin'Andriamanitra, hoy Md Paoly. Izany no mahatonga ahy milaza fa tsy misy kisendrasendra. Aoka io tenin'I Md Paoly io no hampiditra antsika amin'ny fiomanana akaiky amin'ny KONGRSY EOKARISTIKA KEN 2024. Maninona aho no milaza izany. Rentsika ny hafatr'I Md Paoly amintsika. Izao no andro tsara izao no androm-pahasoavana hiverenana amin'Andriamanitra. Izany no làlana hahazoantsika ny fahasoavana ao am-pontsika. Raha potehintsika ao am-pontsika ao ny fahotantsika dia efa manao dingana lehibe isika satria izany no làlana voalohany mitondra amin'ny fibebahana ary mitondra amin'ny fihavanana. Miaiky isika fa "encombré" ny fiainantsika manontolo ka manatona an'Andriamanitra sy manatona ny sakramentan'ny fampihavanana. Io no ambaran'i Md Paoly amintsika androany dia ny fahafantarantsika fa Andriamanitra dia be famindram-po ka mivonona manàtona Azy isika satria izy hampihavana antsika Aminy sady mahalala ny momba antsika manontolo : "**Mihavana re amin'Andriamanitra".**

Rehefa mihavana amin'Andriamanitra isika dia hihavana amin'ny manodidina hatramin'ny zava-boaary ary izany no atao "nouveau départ" satria sitrana ny tontolo mandrafitra antsika. Tontolo misy an'Andriamanitra

Amin'izao karemy izao miroso amin'ny fiainam-baovao isika sady manambara fa vonona hibebaka. I Jesoa ao amin'ny Evanjely milaza amintsika ny lalana, fomba ary fototra anankitelo manambara ny fibebahana sy ny toe-piainana vaovao ary ny fitondran-tena mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izay manambara fibebahana ka miroso amin'ny fiombonana amin'i Jesoa mitondra amin'ny fanasitranana :

- **Ny voalohany dia ny asa fiantrana :** manambara ny maha-zanak'Andriamanitra ny asa fiantrana satria mifanasoa ka mikatsaka sy maneho amin'ny fiainantsika ny fikatsahana ny soa iombonana ary ampiharintsika eo amin'ny fiainana. Izany dia tsy atao antso avo na hipoerapoerana na hiantsoana mpanao gazety na anaovana

dokam-barotra fa atao ao am-po tokoa ka tanterahina amin'ny fiainana andavanandro satria takina amintsika ny fampitrahaofana azy amin'ny finoana. Ny fiombonana amin'Andriamanitra no mahatonga antsika manatanteraka ny asa fiantrana satria hanahafana an'Andriamanitra izay mampiposaka ny masoandro amin'ny olona rehetra. Isika koa aoka hanatanteraka ny asa fiantrana izay tsy entina hireharehana fa hanambarana ny fiombonana amin'Andriamanitra satria ny tanjona dia ny hanahafana an'Andriamanitra araka ny voalazan'i Jesoa amin'ny Evanjely androany "*Aoka izay ataon'ny tananao havanana tsy ho hitan'ny tananao havia fa Andriamanitra Ray mahita anao amin'ny mangingina no hahafantatra ny soa ataonao"*. Tsy hitadiavana tombotsoa ny fanaovana ny asa fiantrana fa fitiavana maimaim-poana tahaka ny nataon'Andriamanitra amintsika.

Izany no làlana voalohany maneho fa efa miova ny fontsika, tsy misy "encombrement" satria ny olona manao asa fiantrana dia tsy ao anatin'ny fitiavan-tena na ny fialonana na ny avonavona fa fitia tsy misy takalo, tsy misy tambiny.

- **Ny faharoa dia ny fivavahana**, izay hikatsahana ny fiombonana sy fifandraisana lalina amin'Andriamanitra. Tsy hoe hilaza isika fa tsy ilaina intsony ny mandeha an-deglizy raha miteny i Jesoa hoe : "*Ary raha mivavaka ianareo; aza mba manao tahaka ny mpihatsaravelatsihy, izay tia ny mivavaka mitsangana ao amin'ny Sinagôga sy eny anjoron-dalana, mba hahitan'ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa, fa efa azony ny valisoany. Fa ianao kosa raha hivavaka, dia midira ao amin'ny efitranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavarana, dia mivavaha amin'ny Rainao izay ao amin'ny mangingina, ary ny Rainao izay mahita ny ao amin'ny mangingina no hamaly anao.*" Ny tian'i Jesoa ambara amintsika eto dia ny fo no efitrano ka mba tsy ho voakorontan'ny "encombrement" intsony fa iombonana amin'Andriamanitra izay midika koa ny fiombonana amin'ny olona rehetra. Koa mampirisika antsika handeha hivavaka hamonjy ny Eokaristia an-deglizy satria ny fivavahana faran-tampony dia ny fankalazana ny Eokaristia, mandray an'i Kristy isika raha manao kominio ka miombona tanteraka Aminy. Fiomanana akaiky amin'ny Kongresy Eokaristika no ataontsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia ~~isika~~. Tsy misaraka amin'ny sakramenta hafa izany satria ny Eokaristia no sakramentan'ny fampihavanana. Amin'izao làlana iombonantsika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny karemy izao ka hahatonga ny fontsika ho efitrano sy tabernaklan'Andriamanitra izao dia aoka àry handray ny sakramentan'ny fampihavanana isika, hazoto hamonjy lamesa sy hanao komonio masina.

  Manamafy izany i Md Paoly izany raha milaza hoe : *"mihavana re amin'Andriamanitra*". Rehefa mihavana amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny sakramanten'ny fampihavanana dia miombona amin'i Jesoa amin'ny Eokaristia ka zary tabernakla ary isika no mitondra an'i Kristy eo amin'ny mpiara-

belona mba hitoeran'i Jesoa eo anivontsika. Raha hitoerany isika dia hamokatra ny fiaraha-monintsika, hamokatra ny eglizy kely fianakaviantsika, hamokatra ny eglizy fototra sy iraka misy antsika ary dia hidera sy hankalaza an'Andriamanitra isika satria izany no fiainam-baovao antenaintsika amin'ny Paka.

- **Ny fahatelo dia ny fifadian-kanina**, ialantsika ny fahotana voalazan'i Papa amin'ny hafatra dia ny vola izany ka zary Andriamanitra hivavahana…. Ny kibo lasa Andriamanitra amin'izao andro iainantsika izao ka manapotika ny fiainantsika sy tsy mahatonga antsika ho "génération" mpanorina ka zary lavitry ny Eglizy Olona Velona isika satria ny fitiavan-tenantsika no ampiharintsika ka ny rendrarendra ety ivelany sy ny fitiavan-tena no fivelomantsika sy zary filamatra. Mba handresena an'izany rehetra izany, mba tsy ho "encombré" ny fontsika dia hifady hanina isika, ilay hanina mampibaribary fa ny kibontsika no lasa Andriamanitra dia ny fitiavan-tena, tia manangona ka tsy ahafantarantsika ny hafa sy anilikilihantsika azy ireo.

  Aoka hamolaka ny tenantsika isika ka hiala amin'ny filan-dratsin'ny nofo, ireo no "encombrement" manapotika ny fiainantsika ka mahatonga antsika mifamono. Raha tiantsika hiditra amin'ny fiainam-baovao sy hankalaza Paka mitondra amin'ny Fihavanana sady kristianina no malagasy ary hitoetra amintsika i Kristy ka hamokatra araky ny sitrak'Andriamanitra dia aoka hifady ny filan-dratsy. Ho feno hafaliana isika raha vonona hifady izay tsy mifanaraka amin'ny sitrak'Andriamanitra.

  Famantarana ny fifadian-kanina sy hena amin'ny zoma araky ny mahazatra antsika. Sao dia misy mieritreritra hoe efa niova ny lalàn'ny Eglizy, tsy niova fa isika no mafy fo araky ny voalazan'i Jesoa ka aoka isika hiverina amin'ny tena izy ka afaka handresy ny "encombrement" manapotika ny fiainantsika. Tsy ny fifadiana fe fifadiana anefa fa ny fahafoizana ifampizarana amin'ny hafa.

Ry Andriamanitra Rainay ô, milefitra Ianao raha mietry tena izahay vahoakanao, mitony Ianao raha manohitra ny otanay izahay. Arotsakao aminay ny fahasoavanao raha miezaka mandresy ireny "encombrement" izay manapotika ny fiainanay ireny izahay. Enga anie hanokatra ny fonao aminay Ianao. Atongilano ny sofinao hihaino izao vavakay izao : enga anie izahay hahay hanararaotra izao fotoana izao, hanatanteraka ny fomba masina fanao amin'ny karemy hahatonga anay ho afa-pahotana ka ho tody soa aman-tsara amin'ny Paka. Raha miara-maty Aminao amin'ny fahotana izahay ry Jesoa dia hiaraka hitsangana Aminao amin'ny Paka ka hanana fiainam-baovao. Izao no fotoana sarobidy hialanay amin'izay mamatopatotra anay. Enga anie izahay ho vonona hihavana Aminao sady hahay hanatanteraka ireo asa fiombonana Aminao dia ny asa fiantrana. Enga anie izahay hamola-tena amin'ny alalan'ireny fifadian-kanina ireny ka hahay hifampizara amin'ny hafa hanamafy ny fihavanana eo anivon'ny fiaraha-monina.

Enga anie izahay hahay hanararaotra izao fotoana izao hihavanana bebe kokoa Aminao amin’ny alalan’ny sakramentan’ny fampihavanana sy ny Eokaristia amin’izay dia hitoetra ao Aminao izahay sy hitoeranao ka hamokatra fiainam-baovao miaraka Aminao.

Masina Maria, Md Josefa mitodika aminareo izahay amin’izao fanombohan’ny Karemy izao. Matoky ny vavakareo sy ny fitalahoanareo izahay. Mivavahà ho anay mba ho fianakaviana “eglizy kely” ny fianakavianay ka hihavao tokoa, hifanasoa sy hifampitsimbina ary hikatsaka ny soa iombonana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson